# MAHITSY 4

# RAMATOA NIANJERA TAMIN'NY HANTSANA MATY

# MARINA IZANY ! 7
# MITOMBO NY AMBANA !


Gazetiko

www.gazetiko.mg

Laharana 7494 Taona faha-24 Vidiny: 500 Ariary Gazety mivoaka isan'andro Sabotsy 11 febroary 2023


## RAKOOL SY MENDRIKA



3

# VITA MARIAZY OMALY TENY ANDOHARANOFOTSY

## NAMOAKA TETIANDRO NY CENI 7

# AMIN'NY 9 NOVAMBRA SY 20 DESAMBRA 2023




# NY FIFIDIANANA FILOHAM-PIRENENA

## FANABEAZANA 2



# TSY MAINTSY MIANATRA 10 TAONA NY ZAZA IRAY ARAKA NY LALÀNA VAOVAO

## FESTIVAL ZAZARAP TAIZA 2022

# "TSY TOMPON' ANDRAIKITRA TAMIN'NY FATIANTOKA AHO" 3









Marika "Great Wall Motors"

# Nametrahana efitrano fampirantiana eny Andraharo

Manana ny lazany eo amin'ny sehatra iraisam-pirenena ny marika fiara GWM (Great Wall Motors). Notokana tamin'ny alakamisy lasa teo, tao amin'ny CT Motors Andraharo, ny efitrano fampirantiana ireo vokatr'ity marika ity eto Antananarivo. Mitàna laharana voalohany eo amin'ny tsenan'ny fiara any Sina amin'ny famokarana ireo "SUV" sy "Pick up". Mampiasa olona 70 000 maneran-tany. Nampiditra vola maherin'ny 20 miliara Dôlara nandritra ny taona 2022, ary nahavita nampiakartra 23 isanjaton'ny harinkarenany teo anelanelan'ny taona 2021 sy 2022. Nanomboka tamin'ny taona 2012 no nidirany tamin'ny tsenan' ny fiara voalohany teto Madagasikara tamin'ny alalan'ny fiara HAVAL M4. Taorian'ny fiara "Pick'up DEER" tamin'ny taona 1996 dia niroso tamin'ny famokarana ny "WINGEL" 5 sy 7 ary ny "POER" nanomboka tamin'ny taona 2019. Namokatra ny "SUV" tamin'ny alalan'ny marika HAVAL nanomboka ny taona 2002 ary nanaparitaka ny modely H2, JOLION, H6, H9. Nahavita nandafo fiara 2 000 teto Madagasikara nandritra ny 11 taona.

**R. Muray**

Fanabeazana

# Mpianatra 14 000 hisitraka fampianarana nomerika maimaimpoana

Eto Madagasikara, zaza iray amin'ny roa no nahavita hatramin'ny farany ny taona fahadimy, mpianatra 27 amin'ny 100 mahavita hatramin'ny T10 ary 13 amin'ny 100 tonga hatramin'ny kilasy famaranana. Antony maro no mahatonga izany ka anisan'ny goavana indrindra ny fahasahiranan' ny olona. Manaraka avy eo ny lentan'ny fanabeazana sy ny mpampianatra ary ny resaka fotodrafitrasa. Maro be ny ezaka natao hampivoarana izany toe-draharaha izany ka anisany ny fanomezana fanabeazana maimaimpoana ho an'ny zaza malagasy rehetra. Amin'izao fotoana izao ihany koa, ezahin'ny minisiteran'ny fanabeazam-pirenena ny hampifanaraka ny fanabeazana amin'ny toetrandro. Hirosoana amin' izany indrindra ihany koa no anton'ny fiaraha-miasa eo amin'ny Unicef, Airtel Madagascar ary ny MEN. Tontosa omaly ny fanaovan-tsonia fiaraha-miasa teo amin'ny telo tonta izay haharitra 5 taona. Miompana betsaka amin'ny fahafahan'ny mpianatra mizatra sy mianatra ny tontolon'ny nomerika izany. Maimaimpoana ny fidirana ao amin'ilay "plate forme" misy ilay fianarana. Amin'izao fanombohana izao, sekoly 15 miankina amin'ny fanjakana any amin'ny faritra 3 dia Anosy, Boeny ary Atsimo Andrefana no hisitraka ilay tetikasa eto amintsika. Izay manana puce Airtel rehetra manerana ny Nosy kosa tafiditra maimaimpoana ao avokoa raha misy fandraisana anjara izany ho an'ireo tambajotram-pifandraisana hafa misy eto. Mankasitraka ny ezaka ataon'ny rehetra ny UNICEF indrindra ho amin'ny fanatrarana ny vina fahefatra dia ny fisitrahan'ny zaza malagasy rehetra fanabeazana maimaimpoana.

**Nath**

Lalàna vaovao mikasika ny fanabeazana

# Tsy maintsy mianatra 10 taona ny zaza iray

Tsy maintsy hirosoana fa atao tsikelikely ny fampiharana ilay lalàna vaovao hampiharina mikasika ny fanabeazana. Minisitera telo dia ny minisiteran'ny fanabeazam-pirenena, minisiteran'ny fampianarana teknika ary ny minisiteran'ny fampianarana ambony sy ny fikarohana ara-tsiantifika no ampihatra izany. Maromaro ny zavatra hiova ao anatin' ity lalàna ity ka anisan'ny miavaka indrindra ny tsy maintsy hamitan'ny ankizy 10 taona. Ankoatran'ny fanabeazana ankizy kely izay haharitra herintaona, tsy maintsy atao ny ambaratonga fototra izay ka hizara "cycle" telo dia ny "sous cycle" voalohany haharitra telo taona izany hoe ny T1 hatramin'ny T3, ny "sous-cycle" faharoa T4 hatramin' ny T6 ary ny fampianarana ambaratonga faharoa. Tsy maintsy misy fanombanana foana aorian'ny "cycle" iray ka hisy ny mari-pahafantarana hatolotra izay hiova ny anarany. Ankoatran'izay, ny fanabeazana mampiaty dia tsy maintsy atao ihany koa. Ny CEPE tao amin'ny kilasy T5 dia ho soloina tombana ao amin'ny T6. Hampiharina manerana ny Nosy ity lalana vaovao ity ka tsy maintsy mahafantatra ny andinindininy hatrany ambanivohitra lavitra any mialoha ny fampiharana azy. Ireo minisitera telo voakasika ihany koa dia tsy maintsy hiaraka hampahalala ny fampiasana ity lalana vaovao ity aoriana kely ao hoy ny sekretera jeneralin'ny minisiteran'ny fanabeazam-pirenena Théophil Rabenandrasana.

**Nath**

Fitantanana ny harena an-kibon'ny tany

# Hiatrika ny fankatoavan'ny EITI fanintelony

Mampihatra ny fenitry ny EITI (Initiative pour la Transparence des Industries Extractives) eo amin'ny fangaraharan'ny fitrandrahana harena an-kibon'ny tany i Madagasikara. Hiatrika ny fankatoavana fanintelo hidirana ho mpikambana eo anivon'ity rafitra ity i Madagasikara. Afakomaly, teny amin'ny MBC (Mining Business Center) Ivato, nisy ny fivorian'ny komity nasionaly EITI Madagascar ho fanomanana sy fikarakarana ny fiatrehana ny tombana. Miara-miasa ao anatin'ity komity ity ny solontena avy amin'ny fanjakana, ny mpandraharaha avy amin'ny sehatra tsy miankina, ary ny fiarahamonim-pirenena. Tonga nanatrika ny fivoriana ny solontenan'ny Banky iraisam-pirenena. Ny Banky iraisam-pirenena rahateo dia manohana ny fangaraharan'ny fitantanana eo amin'ny sehatry ny harena an-kibon'ny tany na eo amin'ny asa ankapobeny na amin'ny famatsiam-bola eo amin'ny fanatanterahana ireo asa takiana isaky ny dingana toy ny tombana lalovana amin'ny fenitra EITI. Nojerena avokoa ny fizotran'ireo asa efa mandeha sy mbola hatao. Hojerena akaiky koa ny fahavonona n'ny fanjakana malagasy amin'ny fanatanterahana izany. Nisy ny ezaka efa vita ary tafiditra tao anatin'izany ny fahavitan'ny tombana roa teo aloha. Manampy amin'ny fisintonana mpampiasa vola eo amin'ity sehatra ity ny fisian' ny mangarahara.

**R. Muray**

midigazetikom@gmail.com

Oniversiten'Ankatso

# Nahazo ivon-toerana "American Corner Antananarivo" vaovao

Mampifandray an'Antananarivo amin'i Etazonia sy izao tontolo izao ny nahazoan'ny Oniversiten'Ankatso ny ivon-toerana "American Corner" Antananarivo vaovao. *" Andro iray toa zato izao satria hanampy betsaka ireo mpianatra sy ireo sampam-pampianarana ary misokatra ho an'ny olondrehetra maniry hanao fikarohana ity ivon-toerana ity"*, hoy Atoa Mamy Ravelomanana, filohan'ny Oniversiten'Antananarivo nandritra ny kabariny nialoha ny nitokanana arapomba ofisialy ny "American Corner Antananarivo" omaly. Tombony ho an'ireo mpianatra ao amin'ny "département d'étude Anglophone" ihany koa ny fisian'ity tranom-boky izay ahafahana mampiasa aterineto hanaovana fikarohana maro ity. *"Taona maro no efa niara-niasa ny masoivoho Amerikanina sy ny Oniversiten'Antananarivo. Ny programa avy any Amerika dia ampianarina koa ny mpianatra ety Ankatso. Ho an'ireo mpianatra manaraka ny lalampiofanana teny anglisy dia afaka miaiana sy mampitombo fahalalana ao amin'io ivon-toerana tsara sy mahafinaritra io"*, hoy kosa Rtoa Razanamanana Haja Lalao izay tompon andraikitra voalohany ny "département d'étude Anglophone". Nisy moa ny fiaraha-miasan'ny Masoivoho Amerikanina eto Madagasikara sy ny Oniversiten'Antananarivo ary ny sampam-pianarana teny Anglisy eny Ambohitsaina amin'ity "American Corner Antananarivo" ity. Ny vahoaka Amerikanina, tamin'ny alalan'ny Governemanta Amerikanina, no niantoka ireo fitaovana raiktra mitentina 50 000 Dolara ao anatin'ny efitra. Ny "fondation Axian" kosa no nanome ny aterineto haingam-pandeha ampiasana ao.

**Heriniaina Andrianirina**

## FANITSIANA

ITG (Interruption Thérapeutique de Grossesse) na fampitsaharana vohoka ara-pahasalamana ilay noresahan'ny Dr Eric Andrianasolo, filohan'ny holafitry ny dokotera, tamin'ilay lahatsotra nivoaka omaly tao amin'ny pejy faharoa.

**Ny fanoratana**


À VOUS LA PAROLE

APETRAHO NY FANONTANIANAO AMIN'NY TARIKA

mahaleo

Izy ireo no vahiny manaraka amin'ity karazan-dahatsoratra manaraka ity



Anarana

Asa

Fanontaniana 1)

Fanontaniana 2)

*Hetezana ao anaty gazety ny tapakila ary haterina aty amin'ny Midi Madagasikara Ankorondrano, Lalana Ravoninahitriniarivo, BP1414, Antananarivo 101, mialoha ny 23 febroary 2023*

midimadagasikara

HOTSAKOTSAKOINA

«Raha nisy fahadisoana, na lesoka nandalovana, avy hatrany dia itsory fandrao ianao hotorovana. Ny ditra sy hadalàna niainanao taloha, aoka hakana lesona ary avelao hatory tsy hifoha.»
Ny Vetso (27.02.14)
(«L'expérience ! Nom dont l'homme baptise leurs erreurs.» Oscar Wild)

Festival ZazaRap Taiza 2022

# "Tsy tompon'andraikitra tamin'ny fatiantoka aho" hoy i Fyh

Nibaby trosa an-tapitrisany ny mpikaraka ny Festival ZazaRap Taiza 2022 nokarakarain'ny Kolontsaina Mainty ny volana desambra lasa teo. Maro tamin'ireo mpanakanto nasaina no zara raha nandray ny tambinkaramany, mbola misy ihany koa ireo hotely nandray ireo mpanakanto avy any ivelany izay nasaina hanafana ny hetsika no tsy nandray ny hofan-tranony ary misy amin'ireo mpiara-miasa sy mpiara-niombona antoka no tsy nisitraka ny vola tokony ho azony. Anisan'ny olana tamin'izany ny tsy fahamatorana. Omaly, niantso mpanao gazety nanazavany mikasika izany tetsy amin' ny Pietra Analakely Ranivoarianja Finiaina na i Fyh. Nambarany fa tsy tompon' antoka tamin'ny fatiantoka nandritra iny hetsika iny ny tenany. Samy manana ny andraikiny nomena azy ny rehetra fa ny fifanarahana tamin'ireo mpanohana no toerana nomena azy ary karama no nanaovany izany. Misy tamin'ireo mpikaraka niaraka taminy aza no tsy nanao ny adidiny ka izy no voatery niantsoroka samy irery izany rehetra izany. Mivezivezy etsy sy eroa, mandamina ny olana rehetra hany ka toa ohatran' ny izy indray no mpikarakara fa ny tena tompon' andraikitra tsy hita fa nisitrika tany amin'ny misy azy tany. Tsy nahafantatra afa-tsy izy araka izany ireo mpiara-miombona antoka sy ny mpanohana ary ny mpanakanto nandray anjara. Ny tena olana raha ny fanazavany dia ny fodian'ireo mpanakanto avy any ivelany izay nasaina. Nijoro vavolombelona mikasika izany moa ilay Mpanao rap Frantsay DOC MAPASSA avy ao amin'ny tarika DE BAL izay nilaza fa nanao izay nanafintohana azy ireo mihitsy ny tompon'andraikitra voalohany tamin'ity hetsika ZazaRapTaiza ity. Noho ny fitiavanay ny an'i Madagasikara sy kolontsain'ny tanan-dehibe hoy izy no nanekenay ny ho tonga tany Madagasikara saingy raha ohatran'ireny ny fikarakarana dia hanimba an'i Madagasikara sy ny Rap izany. Na izany aza dia miezaka ny manatsara ny fijieren'izao tontolo izao an'i Madagasikara izy mba hahatonga ny mpizahatany aty amintsika. Io rahateo ihany koa moa no tanjon'ny hetsika dia ny hampiroboroboana ny fizahantany amin' ny alalan'ny Mozika Rap. Na eo aza ny olana dia nilaza i Fyh fa vonona ny hanampy ny Rap sy ny Hip Hop eto, fa kosa tsy ho mpikarakara intsony. Nambarany fa fanalam-baraka azy ny fanehoan-kevitry ny olona sasany tany anaty tambajotran-tserasera mikasika ity olana taorian'ny hetsika ZazaRap Taiza ity ary niteraka aretina ho azy mihitsy.

**Tiaray R**

Endemika Film

# Hamoaka ny "Chez les zébus francophones" tsy ho ela

Miketrika sarimihetsika hafa indray amin'izao ny Endemika Film. Eo am-pamaranana ny "tournage" an'izany mihitsy izy ireo amin'izao ary vinavinaina ho vita amin'ity taona ity. "Chez les zébus francophones", io no lohatenin'izany; mandalo fahasahiranana kely anefa izy ireo amin'ny famitàna izany tanteraka ka dia mangataka fanohanana avy amin'ny rehetra. Milaza izy ireo fa misokatra amin'ny rehetra amin'izay fiarahamiasa misy fa tsy voatery fanohanana ara-bola. Indrindra indrindra, mitady fikambanana any Frantsa izy ireo izay mba maniry ny handefasana izany sarimihetsika izany rehefa hivoaka. Raha fintinina kely ilay sarimihetsika dia miresaka momba ny fanjakazakan'ny vahiny ny tanintsika. Tantaraina ao anatin'izany ny zava-nisy teo amin'ny tany iray izay nanamboaran'ny vahiny lalana ka voatery ho totofana ireo tanimbary izay fananan'ireo tantsaha. Te hitroatra mafy ireto farany noho izany ka nanampy azy ireo ny mpanakanto Bekoto sy ny tarika Mahaleo, teo koa i Gégé Rasamoely izay nanao fampisehoana ary nampiantso mpanao gazety mba hilazàna amin'ireto farany ny zava-misy. Heverina fa mba hitondra ny feon'ireo tantsaha ireo izany ka mba ampahatsiahy an' izao tontolo izao fa be dia be ny fatiantoka hisy raha toa ka ho voatototra avokoa ny tanimbary rehetra, maro ireo voka-dratsy eo amin'ny sehatry ny toe-karena. Fanoharana momba ny hazakazaka mikoropaka sy tsy misy dikany ho amin'ny fampandrosoana, izay no tena tian'ny mpanoratra ho avoaka. Eo anelanelan'ny volana Mey sy Novambra 2023, mandritra ny "festival de film" maneran-tany no vinavina hamoahana izany voalohany ary any amin'ny taona 2024 kosa no hamoahana azy amin'ny sinéma eto an-toerana raha toa ka ny taona 2025 vao ho alefa amin'ny TV5monde sy ny sehatra azo idirana maneran-tany.

**Tanya.R**

Tantely Antoine Randrianiaina

# Horaisina amin'ny fomba makotroka eny Sabotsy Namehana

Mitohy hatrany ny fandraisan'ny kaominina sy ny fokontaniny an'ireo mahery fo tamin'ny baolina kitra, nitondra avo ny voninahipirenena, nandritra ny CHAN 2022 notanterahina tany Algérie. Araka ny fandaharam-potoana, nomanin'ny Ben'ny Tanàna Sabotsy Namehana, Atoa Andriamosa Avotraina, sy ny Filankevitra Monisipaly ary ny mpankafy baolina kitra rehetra eny amin'ny faritra Avaradrano, dia rahampitso alahady tolakandro (2 ora) no handraisana amin'ny fomba makotrokotroka an'i Tantely Antoine Randrianiaina, vodilaharana havanana kapitenin'ny Barea de Madagascar. Ao amin'ny kianja Herisetra Rafanodina no hanaovana ny lanonana amin'ny fandraisana azy. Mialoha ny hidirana ao anaty kianja anefa dia mbola misy ny filaharana, mamakivaky ny tanànan'i Sabotsy Namehana, anehoan'ny olona ny hafaliany ihany koa. Azo veroka fa ho tomefy olona ny kianja, satria sambany teo amin'ny tantaran'ny baolina kitra, teny amin'iny faritra iny, no nisy mpikambana tao anatin'ny ekipam-pirenena, lasa lavitra teo amin'ny fifaninanana afrikanina. Tsy midika akory izany fa i Tantely irery ihany no kintan'ny baolina kitra eny an-toerana. Tamin'ny fotoanandro nilalaovany dia nanana ny lazany ihany koa i Herisetra Rafanodina, izay efa miorim-ponenana hatry ny fotoana ela any La Réunion. Araka izany dia nampitondrain'ny Ben'ny Tanana Andriamosa Avotraina ny anarany io kianja efa namoaka olomanga maro tamin'ny baolina kitra io.

**aris rafaly**

Fanambadian'i Rakool sy Mendrika

# "Maire" Tôta sy pasitera Julien filohan'ny Five Fc no nanoratra sy nanamasina

Tontosa tetsy amin'ny espace Mahatehotia Mahabo Andoharanofotsy omaly, ny fisoratam-panambadiana sy mariazin'i **Koloina Razafindranaivo, mpilalaon'ny Barea Chan** sy ramatoa Nasandratriniaina Mendrika Lavorary. Niavaka ny lanonana, satria dia samy tomponandraikitra eo amin'ny baolina kitra, mba tsy hilazana hoe filohan'ny klioba "CFFA", Rakotoarimanana Henintsoa, izay ben'ny tanàn' Andoharanofotsy no nanao ny fisoratana ara-panjakana sy pasitera Randrianarisoa Julien, filohan'ny klioba "Five Fc", no nanatontosa ny fanamasinana teo anatrehan'Andriamanitra. Nambaran'i Tôta, fa efa ela no nikasa izy ireto, saingy izao no fotoana tsara indrindra tamin'izany, dingana iray lehibe eo anivon'ny fianakaviana sy ny fiainana izao, ka miarahaba azy roakely. Toa ireo mpanambady vao, samy naneho ny hafaliana amin'ny fahavitan'ny raharaha izy roa, izay nambaran'i Koloina, fa efa vonona hiatrika fiainana vaovao ny tenany, hiezaka hanao tsara hatrany ny tenako, hoy izy rehefa any. Nohamafisiny, fa hiezaka hanova toetsaina sy fomba fiainana mihitsy izy, mba hahatrarana ny tanjona ambony hatrany, dia ny handeha any Eorôpa mihitsy. Faniriako, ny hilalao amin'ny « champion's league » any Eorôpa ireny siangy hankinina amin'ny ao ambony avokoa izany. Amin'ny alatsinainy 13 febroary izao moa no hanainga ny tenany, ary amin'ny talata 14 febroary no andrasan'ny klioba Maoulidia Alger ny fahatongavany any Alzeria. Mirary soa ho an-dRakool mba ho lasa lavitra hatrany izahay eto amin'ny Gazetiko.

**Rabenaivo**

Rugby - "XXL TOP 20 Energy"

# Tafara-bondrona amin'ny maozatra ny FBM sy ny FTAT

Tontosa omaly tetsy amin'ny foiben'ny Star Andraharo, ny antsapaka fizaram-bondrona ho an'ireo ekipa hiatrika ny fifaninanana « XXL TOP20 », taranja Rugby. Tafiditra anatin'ny vondrona maozatra avokoa, ireo fileovana roa vao niakatra tamin'ity taom-pilalaovana ity, ka ry zareo Bemasoandro dia tafaraka amin'ny TAM sy ny TFMA ary TFA sy XV FA ao anatin'ny vondrona « A », raha hiaraka amin'ny FTM, USCAR, USA ary 3FAI kosa ny FTAT a o amin'ny « D ». Marihana, nozaraina vondrona 4 ahitana ekipa 5 avy ireo klioba 20 handray anjara amin'ity, ka ny 4 voalohany isaky ny vondrona no miakatra amin'ny dingana ampahavalon-dalana. Hidirana amin'ny sehatry ny matihana, hivadika ho TOP12 izany amin'ny taompilalaovana manaraka, izay hanomboka amin'ny septambra 2023, ka amin'ity « XXL TOP20 Energy » ity no hifantenana ireo ekipa 12 hiatrika izany. Tafita avy hatrany ireo ekipa 8 tafakatra ampahefa-dalana, hiady filaharana kosa ireo ekipa 8 raraka eo amin'ny ampahavalon-dalana, hakana ireo ekipa 4 hanampy ireo 8 efa tafita. Amin'ny alahady 19 febroary no hanomboka ny fifaninanana, saingy araka ny fangatahan'ireo klioba sasantsany, mety hihemotra izany. Ho an'ny orinasa Star mpanohana, nisafidy manokana ny XXL ho zava-pisotro mpanohana ofisialy ny fifaninanana izy ireo, noho ity marika ity, izay mamporisika amin'ny fioharana sy manome tanjaka. Ireo vondrona hafa : « B » : STM, 3FB, FTBA, USI, XV Avenir. « C » : COSFA, JSTA, SCB, Mang'Art, UASC.

**Rabenaivo**


## PETITES ANNONCES *Gazetiko*

### A VENDRE

* A vendre TV Coul x Flate 24'' Sharp be vody. Cont : 033.80.511.07 / 034.08.073.55. (G-BA 469/1)

### MIVIDY

* Mividy lamba, kiraro, poketra, fanaka, debara, frigo, TV. Tél : 033.04.572.23 / 034.43.260.88. (G-BA 464/6-5)

* MM Feno. Mividy kojakoja, fanaka, lamba, kiraro, poketra sns. Tél : 033.01.764.83 / 034.22.160.88. (G-BA 460/20-8)

### FAMPIANARANA

* Fampianarana manety lehilahy : coupe homme. Sarany mirary. Tél : 034.39.292.03. (G-BA 463/10-6)

### COURS

* Cours de Français, Anglais, Chinois chez Wise School Analamahitsy. Tél : 034.17.947.22. (G-BA 467/4-2)

* Cours de coiffure accéléré : Isotry ampitan'ny mpivarokazo. Tél : 034.39.292.03. (G-BA 463/10-6)

### SERVICE

* Vidange fosse wc perdu, puisard, plomberie, réparation, curage. Tél : 034.86.276.79. (G-BA 465/6-5)

* Vidange wc & puisard, construct° & réhabilitat°. Tél : 034.19.333.09 / 033.64.965.79. (G-BA 468/7-3)

Mahitsy

# Ramatoa maty nianjera tamin'ny hantsana

Ramatoa iray tokony ho 55 taona no maty nianjera tamin'ny hantsana ka nitontona tao amin'ny lakandrano kely tany Andihizana any Mahitsy afakomaly tokony ho tamin'ny 5 ora latsaka fahefany hariva. Olona tany an-toerana nahita ny zava-nitranga no nilaza tamin'ny manodidina. Vetivety dia niely ny feo ka tonga nitangorona teo ny rehetra nijery ny razana. Tao ihany koa no nisy nampandre avy hatrany ny mpitandro filaminana ka vantany vao nandre izany ny zandary avy any Mahitsy dia nandeha nidina ifotony tany an-toerana niaraka tamin'ny dokotera avy ao aminny « CSBII » Mahitsy. Ilay razana nitsirara teo amin'ny lakandrano kely no hitan'izy ireo tamin'ny fahatongavany tany. Nahitana rà ihany koa nivoaka teo amin'ny lohan'ilay ramatoa. Nisy entana nipetraka teo akaikin'ilay razana. Araka ny fanazavana dia nibolisatra teny an-dalana ity ramatoa ity ka dia io nianjera tamin'ny hantsana io izay tokony ho telo metatra teo ny haavon'izany. Fantatra fa avy any Tsarazaza fokontany Ankazo ao anatin' ny kaominina Mahitsy distrikan'Ambohidratrimo ity olona namoy ny ainy ity. Efa tonga tany amin'ilay toerana nahitana ny razana ihany koa ny fianakaviany raha vao naheno ny zava-nitranga ka efa natolotra azy ireo ny vatana mangatsiakan'ilay ramatoa taorian'ny fizahana.

T.H

Alasora

# Mpanao taksi-bisikleta novelesina maritoa saika hoendahina

Mpanao taksi-bisikleta no niharan'ny asa ratsy teny Mendrikolovana teny Alasora afakomaly tokony ho tamin'ny 11 ora. Olon-dratsy ilay olona nentiny ka namely maritoa ny lohany ary saika hanendaka azy. Araka ny fanazavana, niainga avy eny Anosibe hoentina any Alasora io olona io. Nifanaraka izy ireo fa 7000 ariary ny saran-dalana. Rehefa tonga teo amin'io toerana voalaza etsy ambony io anefa dia novelesin'ilay mpandeha tamin'ny maritoa avy ao aoriana teny an-dalana ilay mpitondra bisikleta ka naratra mafy ary niantso vonjy izy. Henon'ny fokonolona izany ka vetivety izy ireo dia tonga nanavotra ilay niharam-boina. Fitsaram-bahoaka Efa voasambotr'izy ireo ihany koa ilay mpanendaka izay fantatra fa mbola tsy ampy taona satria 17 taona. Tetsy andaniny, nantsoin'ny sefo fokontany mikasika ity tranga ity ny zandary ka avy hatrany dia nandeha tany amin'ilay toerana. Efa saika hataon' ny fokonolona fitsaram-bahoaka mihitsy moa ity lehilahy saika hanendaka sy nandratra olona ity fa tonga ara-potoana ny mpitandro filaminana ka voasoroka izany. Nentina tany amin'ny CSBII Alasora ilay naratra ary efa nahazo fitsaboana sahaza taorian'izay. Nentina tany amin'ny biraon'ny zandary kosa ilay nikasa hanendaka natao andrimaso sy natao famotorana. Ary notazonina natao porofo ilay maritoa.

T.H

Polisy mpiambina "Perception"

# Efa 10 volana tsy nahazo tambin-karama ny eto Antananarivo

Fanontaniana mipetraka ny hoe tsy misy vola araka ny feo miely tokoa ve ny fanjakana ankehitriny sa nisy nanodikodina ny tambin-karaman'ireto polisy miambina eny amin'ny "*perception*" ho an'Antananarivo renivohitra. Somary nanaitra ihany ny nahazo angom-baovao fa hoe efa ho 10 volana ireto mpiasam-panjakana ireto no tsy nandray ny tambin-karama. Tsy mba nisy fampahafantarana akory fa notapahana tsotra izao ilay mba zon'izy ireo, hamelomany ny vady aman-janany. Saika voakasika io olana io avokoa ny mpiasa mpiambina "*perception*" eto Antananarivo renivohitra na dia tsy hitanisa an'ireo toerana misy azy ireo aza isika.

**Andrim-panjakana**

*"Izahay polisy manao ny "gardiennage percepteur de trésor" eto Antananarivo dia nanomboka volana mey 2022 no tsy nandray tambin-karama intsony hatramin' izao. Kanefa tokony handray izany isam-bolana ireo polisy ireo. Marihina fa efa nifampiresaka tamin' ny tomponandraikitra isan' ambaratonga ihany izahay saingy mbola tsy nisy valiny hatramin'izao raha efa tamin'ny telo volana lasa no nanao ny fitarainana » :* hoy ny fanazavan'ireto mpiasa izay tapaka tombotsoa. Ny « *percepteur* » dia tafiditra ho mpiasan'ny «*trésor public*» ary eo ambanin' ny fiahian'ny Ministeran'ny toekarena sy ny fitantanambola. Izany hoe amin'io andrim-panjakana iray io no hiantefan'ny fitarainana eto. Tsy mazava ny zava-nisy satria ahiana ho misy manodikodina ny volan'ireto polisy ireto na ihany koa misy vola mivoaka ihany saingy tsy tonga eny ampelatan'izy ireo. Araka ny loharanom-baovao dia naniry nihaona mivantana amin'ny Tale miandraikitra ny fitantanam-bola ireto farany fa tsy misy valiny na dia mba haka fanazavana fotsiny ihany aza.

Ariel D.

67 ha

# Tovovavy mitsindrona héroïne

Tovovavy iray no tratra nitsindrona héroïne teny 67 ha ny alarobia lasa teo. Nisy telo lahy hafa ihany koa niara-voasambotra taminy tamin'io andro io. Nisy olona nitaraina teny amin'ny biraon' ny polisy mikasika ny olona ahiana ho mivarotra héroïne eny an-toerana. Nidina ifotony ireo mpitandro filaminana ka lehilahy iray sy vehivavy iray no hita nijorojoro teo. Nampiahiahy ny fihetsik'izy ireo ka nosamborina ary rehefa natao ny fisavana dia nahitana héroïne efatra grama teny amin'izy ireo. Ilay lehilahy rehefa nanontaniana dia nilaza fa mivarotra fotsiny no asany ary efa misy olona manatitra ireo zava-mahadomelina mahery vaika ireo eo aminy. Ilay vehivavy kosa dia niaiky fa tena mitsindrona héroïne. Nanondro ny toerana ahitana ireo mpamatsy azy izy ireo ka voasambotra tao amin'ny hotely iray teny an-toerana ihany ny lehilahy roa hafa. Efa notazonina tany amin'ny polisy izy efatra mianadahy ary omaly no natolotra ny fampanoavana ny raharaha.

T.H

Ambohimalaza

# Mirongatra ny halatra vavahadim-pasana, efatra mianadahy nosamborina

Ny varavaram-pasana indray izao no angalarin'ireo mpivarotra vy. Toy ity tranga niseho teny amin'ny toerana antsoina hoe " Ambohitremo " kaominina Ambanivohitra Ambohimalaza distrika Antananarivo Avaradrano ity. Varavaram-pasana halatra vita amin'ny vy miisa 9 no tratra. Olona 4 no nosamborina tamin'ireo ka misy ny mpividy ny entana ary ny sasany mpangalatra fotsiny. Nogiazana ao amin'ny tobim-paritry ny zandary Ambohimalaza ireo vavahady ireo ary haverina amin'ny tompony tsirairay avy. Nosamborina mba hofotorana kosa ireo olon-dratsy.

**Teo am-pibatana**

Raha zohina dia nahazo antso ny komandin'ny tobim-paritra Ambohimalaza fa misy olona mampiahiahy mihaodihaody teny an-toerana. Nidina avy hatrany ny zandary nanao ny fizahana ka tra-tehaka tamin'izany ny roa lahy teo am-pibatana varavaram-pasana. Ny fanadihadiana no nahafantarana fa teny amin'ireo fasana eny Ambohitremo sy ny manodidina no nangalarin'izy ireo izany. Anisany nosamborina tamin'ity raharaha ity ilay vehivavy mpandray ny entana halatra sy ny lehilahy mpiara-mividy vy taminy. Mbola mitohy ny fanadihadiana sy ny fikarohana an'ireo jiolahy sasany tafatsoaka nandositra. Marihina fa efa nampandrenesina ny tomponandraikitra eo anivon'ny fokontany Ambohitremo sy ireo tompom-pasana.

Ariel D.

Farafangana

# Kafe hosoka milanja 62 taonina sarona

Tranga mbola tsy fahita hatramin'izay indray ity niseho tao Farafangana ity. Nahatratra kafe hosoka milanja 62 taonina ny zandary tao an-toerana. Novidina tany Mananjary tao amin'ny fokontany Ampasimandrorona izany ary mpandraharaha no tompon'ny entana. Hatreto dia mbola tsy hita ity farany fa roa lahy no nitaitra ny entana ka nametraka izany an-tsokosoko tao amin'ny sekoly loterana Tanambao Farafangana. Izany hoe voalaza fa tsy nahazo alalana tamin'ireo tomponandraikitry ny sekoly akory ireto nitatitra. "Araky ny filazan'izy ireo dia hoe kafe "sauvage" hono. Rehefa jerena akaiky dia mitovy tanteraka amin'ny voa kafe ihany ny voany rehefa maina. Fantatra anefa fa voana dara no tena anarany any Mananjary saingy nambaran'izy ireo fa azo hanaovana "huile essentielle" izay tsy marina akory izany satria tsisy fofona mihitsy ilay voa » : hoy ny loharanom-baovao. Efa niparitaka tao anaty « facebook » ity tranga ity izay nolazaina fa misy "café sauvage" na kafe varira no filazan'izy ireo azy. Marihina fa ahiana ho hafangaro amin'ny kafe tena izy ity kafe hosoka ity mba hisolokiana olona.

Ariel D.

**Gazetiko**
novokarina sy natontan'i
MIDI MADAGASIKARA S.A.
Sosaiety tsy anavahana anarana
manana renivola
Ar 37 452 000
Talen'ny Fanoratana :
Lucien RAHARISON
034 34 697 06
Talen'ny Famoahana sady
Tonian'ny Fanoratana :
Herivonjy RAJAONAH
034 34 697 10
Birao sy fandraharahana :
Lalana Ravoninahitriniarivo
B.P. 1414 - Antananarivo
Tél.: 22 697 79 / 22 697 80
Fax. 22 273 51
e-mail:midigazetikom@gmail.com
D.L.I.: 15 932 - 02 - 23
Isan'ny natonta : 25 000

*Nahandro*

## Voanjobory sy ravim-bomanga

**Zavatra ilaina**: voanjobory, ravim-bomanga, tongolo gasy, sakamalao, voatabia, tongolobe.

**Fikarakarana azy**: andrahoina mialoha ny voanjobory. Rehefa akaiky ho masaka dia atao ny saosy. Rehefa masaka mihitsy vao arotsaka ny ravimbomanga. Vao mangotraka dia esorina. Azo asiana angivy kely

## Manal azy de mimeme



## Sarisary zary tenany

**Iza ?**




## Hatsikana an-tsary

**Matahotra**




## Masoandro Miposaka

**Deoteronomia 4 : 32**

Fa anontanio ange ny andro lasa, izay teo alohanao hatramin'ny andro izay namoronan'Andriamanitra olombelona teto ambonin'ny tany ary hatramin'ny faravodilanitra manodidina, raha mba nisy zavatra lehibe tahaka izany, na mba efa nisy re tahaka izany.

## Indray mipika




Nanatontosa ny pejy

Nil : Tel: 033 07 465 05




Tantara sy sary: Nil

## Ohabolana



**Aza atao fively amponga ny havana, ka ny iray ambaviny tambatambazana, ny iray kosa andahiny hodobodobohana.**

Ne faites pas à vos amis comme un tambour, frappant légèrement sur l'un des côtés, mais très fort sur l'autre.

## Sudoku

Fenoy isa 1 hatramin'ny 9 ny banga. Aoka tsy hiverina ny isa isaky ny andalana na ao anaty faritra efajoro.

Laharana 2878

| | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| | | 5 | 8 | 9 | | | | |
| 6 | | 8 | 1 | 4 | | | 7 | |
| 7 | | | | | | | | 3 |
| | | | | 6 | | | | 7 |
| | | 9 | 2 | | | 3 | | |
| | 4 | | | | | 2 | | |
| 5 | | | | 2 | | | | |
| | | | | 1 | 6 | 7 | | |
| | 6 | | | | | 8 | | 4 |

Valin'ny laharana 2877

| | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| 7 | 4 | 3 | 1 | 6 | 8 | 2 | 9 | 5 |
| 8 | 9 | 6 | 7 | 5 | 2 | 1 | 4 | 3 |
| 5 | 1 | 2 | 4 | 9 | 3 | 6 | 8 | 7 |
| 6 | 2 | 5 | 3 | 8 | 9 | 4 | 7 | 1 |
| 4 | 3 | 7 | 2 | 1 | 5 | 8 | 6 | 9 |
| 9 | 8 | 1 | 6 | 7 | 4 | 3 | 5 | 2 |
| 1 | 7 | 4 | 9 | 2 | 6 | 5 | 3 | 8 |
| 3 | 5 | 9 | 8 | 4 | 1 | 7 | 2 | 6 |
| 2 | 6 | 8 | 5 | 3 | 7 | 9 | 1 | 4 |

Namoaka tetiandro ny CENI

# Amin'ny 9 novambra sy 20 desambra 2023 ny fifidianana Filoham-pirenena

Tonga ny nandrasana ! Navoakan'ny Vaomieram-pirenena mahaleo tena misahana ny fifidianana na CENI omaly teny Alarobia ny tetiandro hahantanteraha ny fifidianana Filoham-pirenena amin'ity taona 2023 ity. Araka ny vinavina naroson'izy ireo, dia ny datin' ny alakamisy 9 novambra izao no heveriny fa hanatanterahana ny fihodinana voalohany, ary ny alarobia 20 desambra kosa no mety hanaovana ny fihodinana faharoa. Efa nalefan'ny CENI eny amin'ny Governemanta sy ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana ity tetiandro voavinavinan'izy ireo ity. Maharihina fa izy ireto farany no tompon'ny teny farany sy mamoaka ny daty rakitra hanatanterahana ny fifidianana Filoham-pirenena araka ny voalazan'ny Lalàmpanorenana. « *Nalefa eny anivon'ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana mba hakana hevitra ity andrimpanjakana ity* », hoy ny Filohan'ny CENI, Dama Arsène Andrianarisedo. Ankoatra io tsy mbola nisy resaka kosa ny hanaovana ny fifidianana Ben'ny tanàna. Mikasika ny fisoratana anarana ao anaty lisipifidianana, dia nomarihan' ny Filohan'ny CENI fa mbola azon'ny olom-pirenena hatao ny manatona ny Fokontany sy manatanteraka izany hatramin'ny 31 mey 2023. Raha ny antontan'isa ofisialy, 9 906 702 hatreto ireo olom-pirenena nisoratra anatin'izany lisitra izany. Hihazakazaka amin' izay ireo manomboka eto mpanao politika isantsokajiny hiomana handray fiaingana amin'ny fifidianana. Fotoana mantsy izao hanetsiketsehana ireo olona eny ifotony rehetra.

JUDD

Hery Rajaonarimampianina

# Hiresaka amin'ny vahoaka, eny amin'ny foiben' ny HVM Andraharo

Anio, amin'ny 3 ora tolakandro, araka ny loharanombaovao avy amin'ny lohandohan'ny mpisorona ao amin'ny antoko HVM no higadona eny amin'ny seranam-piaramanidina iraisam-pirenena Ivato ny Filoham-pirenena teo aloha Hery Rajaonarimampianina. Fiverenana an-tanindrazana izay tsiahivina fa efa tsotra lavalava no nanomanan'ny antoko Hery Vaovao'i Madagasikara azy. Araka ny loharanom-baovao etsy ambony dia ho tsenaina amin'ny fomba tsotsotra nefa mendrika azy ny Filoham-pirenena teo aloha.

Ny fanontaniana mbola tsy nahazoam-baliny aloha hatramin'ny omaly dia ny hoe : iza amin'ireo efitrano natokana ho an'ny olomanan-kaja (amin'ny maha Filohan'ny Repoblika azy teo aloha) no handray an'Ing Hery Rajaonarimampianina.

*Hotsenaina amin'ny fomba tsotsotra, nefa mendrika azy, etsy amin'ny seranam-piaramanidina Ivato ny Filoham-pirenena teo aloha.*

**Iza avy no delegasiôna hiaraka aminy ?**

Itsy farany izay marihina fa miisa telo, eny amin'ny seranam-piaramanidina Ivato, ankoatry ny efitrano natokana manokana ho an'ny Filoham-pirenena amperinasa. Mbola tsy nahazoam-baliny ihany koa ny fanontaniana hoe: Iza avy no delegasiôna miaraka aminy. Efa nampahafantarina kosa anefa fa hitafa avy hatrany amin'ny vahoaka Malagasy tsy an-kanavaka, amin'ny maha raiamandreny azy, eny amin'ny foiben'ny antoko HVM, eny Andraharo Ing Hery Rajaonarimampianina aorian'ny fijanonany eny Ivato. Ny vahoaka, araka ny loharanom-baovao etsy ambony izay antsoina marobe ho tonga eny Andraharo. Ary voalaza fa tsy manakana ireo hitsena ny Filoham-pirenena teo aloha, eny amin'ny seranam-piaramanidina izany. Ny fanontaniana mipetraka manoloana izany dia ny hoe: Iza amin'ireo olom-panjakana sy mpiara-miasa tamin'ny Filoha Hery Rajaonarimampianina no nahazo fanasana na hanolo-tena hitsena azy?

V.R.

Vovonana Gasy Leo

# Mitaky ny hidirana amin'ny rafi-pitondrana tetezamita

Efa nampoizina! Manohitra ny hirosoana amin'ny fifidianana amin'ity taona ity ireo mpanao politika mivondrona eo anivon'ny Vovonana Gasy Leo. Antony, araka ny fanazavana dia satria tsy ara-dalàna sy mampiahiahy ireo rafitra sy Andrimpanjakana mpikarakara izany. Mirazotra amin'izany ny mbola tsy fananantsika ny ho entimiatrika amin'ny fikarakarana rehetra, toy ny vola. Mieritreritra ny Vovonana Gasy Leo ao anatin'izany fa raha mikiry biby hiroso amin'io fifidianana io isika dia ho ratsy lavitra noho izay niainana tao anatin'ny enimpolo taona izay ny fiainana ao anatin'ny dimy taona ho avy. Dia tsy nihambahamba intsony ireo mpanao politika mpikambana raha nilaza fa tsy misy afatsy ny fidirana amin'ny rafi-pitondrana ihany sisa vahaolana. Tetezamita haharitra roa taona ary tsy ny mpitondra ankehitriny irery no hitantana azy. Etsy andanin'izany, tsetsatsetsa tsy aritra no ilazana fa Samy miandrandra izay ho tombontsoany ny mpanao politika amin'izao fotoana izao. Tsy vitsy ohatra ireo nilaza taorian'ity fitakiana nataon' ny Gasy Leo ity fa tsy ny fampandrosoana ny firenena na ilay fanorenana ifotony dradradradraina isan'andro no tena kajin'ireo mpanao politika fa fitadiavana seza sy tombotsoa manokana. Na izany na tsy izany, niezaka nanadio tena ny teo anivon'ny vovonana omaly ary nilaza fa tsy olana raha tsy ho tafiditra ao anatin'ny fitondrana tetezamita aza.

Mamy R.

## Marina izany !

### Mitombo ny ambana !

**Miavosa ny olana sedrain'ny olom-pirenena sy ny baben'ny firenena, amin'ny ankapobeny. Ny andavanandrom-piainana, iarahan'ny rehetra mahita sy miaina ny fahasahiranana vokatry ny fidangan'ny vidim-piainana; ny tsy fisian'ny asa ho an'ny tanora ; ny fahasarotan'ny fitsaboana sy ny fahapotehan'ny fanabeazana; ny firongatry ny tsy fandriampahalemana; ny kolikoly amin'ny endriny maro sy amin'ny antanatohatra samihafa; ny tsindry hazolena sy ny fisian'ny fanaparam-pahefana atao amin'ny valalabemandry. Manampy trotraka izany ny firongatry ny zavamahadomelina izay manapotika ny tanora Malagasy sy ny fiaraha-monina, amin'ny ankapobeny. Ho an'ny eto an-toerana, ireo olana tanisaina eo ambony ireo izay tsy nanao afa-tsy nampihena ny fifampitokisana eo amin'ny vahoaka entina sy ny mpanao pôlitika ary ny manam-pahefana isan-tokony, amin'ny ankapobeny. Olana nampihemotra ihany koa ny toerana misy an'i Madagasikara any amin'ny vody laharan'ny lisitr'ireo firenena mahantra indrindra eran-tany. Taorian'ny fampahafantarana nataon'ny sampandraharaha manara-maso ny famotsiam-bola eto amintsika dia vao maika maizina ny lalana satria anisan'ireo firenena ivezivezen'ny vola amina miliara maro, tsy voamarina ny fiaviany i Madagasikara ary ahiana hahazo vahana eto ny asa fampihorohoroana. Tsy vaovao tsara ho an'ny firenena izany ka heverina fa tsy ampy ny fampahafantarana sy ny fitanisana fotsiny ny fisian'ireo vola diovina eto ireo. Zava-dehibe, indrindra ho an'ny tompon'andraiki-panjakana isan-tokony ny fandraisana andraikitra, mba tsy ny tsy manan-tsiny no hibaby ny fitavozavozana !**

Voahangy Rakotozafy

Antoko Maitso Hasin'i Madagasikara

# Miantso an'Atoa Andry Rajoelina ho kandidà Filoham-pirenena

Nanao fanambarana mikasika ny raharaham-pirenena ny antoko Maitso Hasin'i Madagasikara omaly tetsy Antaninarenina. Araka ny voalazan'Atoa Georget Alexandre mitarika ity antoko ity, dia miantso ny Filoha ankehitriny Atoa Andry Rajoelina izy ireo mba hirotsaka indray ho kandidà amin'ny fifidianana Filoham-pirenena izay hatao amin'ity taona ity. Nilaza ny antoko Maitso Hasin'i Madagasikara fa na teo aza ny olana sy fasahiranana niainan'ny firenena, dia mahita izy ireo fa tsy miraviravy tanana ny fitondrana mitady vahaolana. Mahatsapa ihany koa ity antoko ity fa maro ireo fodrafitrasa maro nitsangana manerana ny nosy. Marihina moa fa isan'ireo nametraka sy miara-dia amin'izao fitondrana izao ny antoko Maitso, ary voalazan'izy ireo fa mifanaraka tsara amin'ny fotokevitry antoko ny Velirano napetraky ny Filoha. Eo anatrehan'izany, manasa ireo mpanao politika hiomana amin'ny fifidianana ity antoko ity. Mangataka amin'izy ireo mba hamela malalaka ireo rafitra mpanomana ny fifidianana hanao ny asany. « *Aoka isika hanaja ny lalàmpanorenana. Tsy tokony hisy sahady ny fitsarana ety amboalohany fa hangalatra ny rafitra mpikarakara fifidianana. Amin'ny maha tany demôkratika antsika, dia aoka tsy hatahotra fifidianana* », hoy Atoa Georget Alexandre Filohan'ny antoko Maitso.

JUDD

**A.S Fanasina**

Sekoly ambony manofana amin'ireto lalam-piofanana manaraka ireto :

**Gestion/ Droit / Diplomatie et communication/BTP**

- Equivalence Administrative - FOP
- Diplôme délivré : Licence BACC + 3
- Certificat de fin de formation (3mois à 6 mois)
- Mandray 1ère Année - 2ème Année - 3ème Année
- Frais de scolarité ny mora indrindra
- Stage hiantohan'ny toeram-piofanana

Contact : 034 84 524 70 - 033 29 423 70

G-CL427/2-2

**HASIN'I GASIKARA**

**Fampianarana KABARY**

**isaky ny Alahady amin'ny 2 ora**

**Fanombohana : 05 Mars 2023**

**Toerana :**

*** ABC School 67ha**

*** Ecole Primaire Rasalama**

**Tél : 034 44 708 63 - 033 07 154 23**

G-CL424/3-3

**TOLOTRA MANOKANA**

**Gazetiko**

Noho ny fahatraran'ny Gazety GAZETIKO ny faha 20 taonany dia misy tolotra manokana amin'ireo "Petites annonces" izay 500 ariary isan'andro. Atero aty amin'ny MIDI PUBLICITE 6, lalana Robin Ramelina Andohan'Analakely Ambatonakanga na aty amin'ny foiben'ny GAZETY Ankorondrano ny "Petites annonces".

*"Izay tonga aloha tompon-tanindrazana."*

Anarana : Fanampiny :

Adiresy : Nomerao C.I.N : Tél. :


LALAO
TiakoIanao
06-13 Februaryy
MANDEFASA VOLA DIA MAHAZOA
1.000.000Ar
HANAOVANA WEEK-END
St Valentin
TSINDRIO NY #111*1*2# NA AMPIASAO NY APP
Ataovy description : TiakoIanao
MIARA-DALANA AMIKO
ISAN'ANDRO
MVola
* Lalao ambany fanaraha-mason'ny Police des Jeux. Transactions mitsa 03 no ho sarihana. Fisarihana ny 14 Februaryy mivantana eo amin'ny pejy Facebook MVola - n° SEL/010/DC/23
MCL 8606/1-1
MVPcréa